# Ilay Voa Tsara Nafafy 04 Septambra 2018

# 4 Talata septambra

**Rehefa tonga ny fotoanandro, dia nirahin'Andriamanitra ny Zanany, nateraky ny vehivavy, nateraka tao ambanin'ny lalàna, hanavotany izay ambanin'ny lalàna, mba handraisantsika ny fananganana anaka.**
Galatiana 4. 4, 5

## Ny Filazantsara, herin'Andriamanitra ho fiainana

Ho an'ireo mpianatra tany am-boalohany, ny hafatry ny Filazantsara dia tena fahatanterahan'ilay fampanantenana nandrasana ela, hoe : Andriamanitra mamangy ny olony. Ny Tompo Jesosy mihitsy no nanambara io fahatanterahana io : „Efa akaiky ny fanjakan'Andriamanitra ; mibebaha ianareo ka minoa ny filazantsara" (Marka 1. 15). Izany no „niandohan'ny filazantsaran'i Jesosy Kristy, Zanak'Andriamanitra" (1. 1).

Koa tsy hoe fampianarana, aloha, ny Filazantsara, fa fanambarana trangan-javatra iray. Namangy ny olony Andriamanitra, tamin'ny nanirahany an'i Jesosy Zanany ho eo anivon'izy ireo. Araka izany dia tonga, ary hita maso, ny fanjakan'Andriamanitra, tao amin'ny tenan'i Jesosy sy ny asa fanompoany. Niditra an-tsehatra teo amin'ny tantara Andriamanitra, mba hanatanteraka ny drafitra fanavotana nomaniny, ka tao amin'i Jesosy Kristy no nanatanterahany izany.

Mba hidirana ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra, hatramin'ny nahatongavan'izany, dia tsy maintsy mino ny Tompo Jesosy, mba handraisana ny aina vaovao omen'ny herin' Andriamanitra. Rehefa manaiky ny Filazantsara, dia voatarika ho amin'ny fibebahana, izany hoe voatarika hiaiky ny fahotana sy hitodika amin'Andriamanitra. Te hanatanteraka fiovana feno ara-toe-panahy aman-tsaina ato anatiko Andriamanitra ankehitriny, ary te hanome ho ahy ny aina vaovao.

Tsy trangan-javatra iray tany aloha ihany koa ny Filazantsara, fa fanambarana hoe mandraka ankehitriny Andriamanitra dia mbola miasa amin'ireo rehetra mino. Manafaka azy ireo amin'ny herin'ny ratsy Izy, mba hiainan'izy ireo araka ny toetran'ny fanjakan'Andriamanitra, izay „tsy amin'ny fihinanana sy ny fisotroana, fa fahamarinana sy fiadanana ary fifaliana ao amin'ny Fanahy Masina" (Romana 14. 17).